


Mandalo eny anivon'ny Antenimieran-doholona eny Anosy rehefa avy nolanian'ireo Solombavambahoaka ny volavolan-dalàna mahakasika ny teti-bolam-panjakana 2020. Manoloana izany nitondra fanazavana teo anatrehan'ireo Loholona ireo ny fikambanana mpiompy sy mpandraharaha momban'ny fiompiana eto Madagasikara ny Zoma 06 Desambra 2019.

Nitondrana fanazavana tamin'izany Andriamatoa Rabearivelo Andriamananarivo, Filohan'ny filankevim-pitantànana ny MPE (*"Malagasy Professionnels de l'Elevage"* ex *"Maison des Petits éleveurs"* ), mahakasika ny fampiharana ny tataon-ketra TVA 20% amin'ny katsaka sy ny faika fatao sakafo ireo biby fiompy. Amin'izao fotoana dia ambany ny tahan'ny fanjifana ny vokatra ny fiompiana eto Madagasikara.

Atody miisa 19 isan-taona no lanin'ny olona iray, ny akoho fakàna nofo dia mahatratra 1 kg isan-taona. Izany dia avy amin'ny tsy fahampian'ny vokatra sy ny sandan'ny famokarana ambony ary ny fahefa-mividin'ny mponina izay ambany.

Ireo akora fampisa ny sakafo biby da 60-70% amin'ny fandaniana ankapobeny no lany. Ao anatiny maitso ahitra dia miakatra be ny vidin'ireo akora fampiasa ireo nohon'ny tsy fahampiana eny an-tsena. Ny katsaka no fototra amin'ny fanamboarana ny sakafon'ny biby izay mahatratra hatramin'ny 60-70% amin'ny fangaro ho an'ny fiompiana akoho, kisoa, trondro.

Miakatra 99% kosa izany raha famokarana ny aty matavy. Raha mihatra ny tataon-ketra 20% ho an’ny katsaka sy faika dia hiakatra 25-40% ny vidin’ny sakafom-biby eny an-tsena ary hiteraka fiakaran’ny sandam-pamokaran’ny fiompiana sy fatiantoka lehibe ho an’ny mpiompy. Nandroso soso-kevitra araka izany ireo mpiompy fa azo atao ny mametra ny hetra isaky ny biby ompiana ka hanamora ny fampanaran-dalàna sy fampanaraha-penitra.

Izany fepetra izany dia hanampy amin’ny fametrahana ny mangarahara sy fampihenana ny kolikoly amin’ny fitakianketra. Miantso ny tompon'andraikim-panjaka sy mpiantsehatra ireto mpiompy sy mpandraharaha ny fiompiana ireto mba hijery fomba hafa hampiakarana ny fampidiran-ketra.

**Andry Rakotonirainy**